



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-30

**FANDINIHANA NY FANGATAHAN'NY SOLOMBAVAMBAHOKA
RAVELONSON LUDOVIC ADRIEN, VOAFIDY TAO MAHABO SY NY
SOLOMBAVAMBAHOAKA RASOLOMAMPIONONA HASIMPIRENENA,
VOAFIDY TAO FANDRIANA**

Fivoriana faha-17
Natao ny
Zoma 29 Novambra 2019
- Atoandro -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Zoma 29 Novambra 2019

- Atoandro -

Pejy

- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Fiantsoana anarana	01
- Famakiana ny tatitra	02
- Fanazavana nataon-dRamatoa Filoha	09
- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka	12
- Fanazavana ny fomba arahina amin'ny lalàna	18
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahan'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic	20
- Famakiana ny tatitra	21
- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka	26
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fangatahan'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena	32
- Fiatoan'ny fivoriana	33

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Zoma 29 Novambra 2019 tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana ny fangatahan'ny Solombavambahoka RAVELONSON Ludovic Adrien, voafidy tao Mahabo sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tao Fandriana.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra tonga soa aman-tsara avy nanefa ny adidy tany amin'ny Faritra iadidinareo tsirairay avy. Tongasoa ianareo.
Arahabaina ihany koa ianareo vahiny manatrika izao fivoriana izao.

langaviana ny Mpitantsoatra mba hanao ny fiantsoana anarana.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Andriamatoa HENRI Jean Michel

AFAKANDRO Alphonse

.....
.....
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Ramatoa FILOHA

Ny fandaharam-potoanantsika amin'izao Zoma faha-29 Novambra 2019 izao dia fivoriambe handinihana ny fangatahan'ny Solombavambahoka RAVELONSON Ludovic Adrien, voafidy tao Mahabo sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tao Fandriana.

Ny an'Andriamatoa RAVELONSON Ludovic Adrien aloha no halefantsika.

Miangavy ny Mpampakaten'ny Vaomiera hiakatra etỳ aloha hamaky ny tatitra.

Miarahaba anao Andriamatoa Mpampakateny.

- Famakiana ny tatitra -**Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel**

Misaotra Ramatoa Filoha.

Nivory ny Zoma 8 Novambra 2019 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomiera nandinika ny fangatahan'Andriamatoa Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien voafidy tao Mahabo.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, Filohan'ny Vaomiera no nitarika ny fivoriana. Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

1. RAKOTOMALALA Lucien
2. RAHOLDINA Naivo
3. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel
4. NAKANY Charly
5. FAMINDRA Justin
6. RAJOELINA Andriami-harimanana Seth
7. TSIKIVY Adrien
8. RAMBOASALAMA Emilien
9. RANDRIANANTENAINA Olivier José
10. MILAVONJY Andriasy Philobert

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

1. IDEALSON
2. JOHASY Eléonore
3. RASOAZANANERA Marie Monique

Andriamatoa RANDRIANANDRAINAINA Théophile no notendren'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien hisolotena azy.

Nisy ihany koa ireo olona voaasa handray anjara amin'ny fivoriana izay nahitana an'Andriamatoa isany:

- | | |
|---------------------------|---------------|
| 1. RAKOTOHAVANA Hyacinthe | Avocat |
| 2. CLEMENT Jaona | Président SMM |

Marihana etoana fa tsy nisy solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana tonga niatrika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka RANDRIANANDRAINAINA Théophile izay solotenan'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien ny fitenenana, mba hanazavany ny mikasika ity raharaha ity.

Nambarany tamin'izany fa noho ny tsy fahazahoan'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien fahafahana vonjy maika sy ny fahitany fa misy ny ambadika ara-politika ao amin'ny fanenjehana no mahatonga azy hisolotena an'io Solombavambahoaka io.

Efa nisy «appel» natao tany Toliara, tsy hita ny «dossier» avy eo ary nilaza ny Fitsarana Ambony ao Toliara, fa lasa any amin'ny Minisitery ny «dossier». Narirarira ny Reniny nitady an'io «dossier» io satria efa ho 3 herinandro ny fanarahana ny antontan-taratasy taty amin'ny Minisitery. Ao ireo milaza fa ao amin'ny Minisitery izany, ao koa ireo milaza hoe tsy ao ary mbola tsy hita ny antontan-taratasy hatramin'izao.

Nambarany fa fanasaziana ny mponina ao Mahabo ny fitazonana am-ponja iny olona iny izay nofidin'ireo mponina ireo; noho ny tsy fisian'ny Solombavambahoaka ao Mahabo amin'izao fotoana izao. Nilaza ihany koa izy, fa politika tanteraka no nanagadrana ny namany satria misy olona ao amin'ny Fitsarana izay nilatsaka hofidiana ho Solombavambahoaka nifanandrina taminy, fa tsy lany tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka ary efa nisy fandrahonana azy mba tsy hilatsaka hofidiana anefa lany soa aman-tsara ihany izy na tany am-ponja aza.

Rehefa izay, niroso tamin'ny famakiana ny taratasy nalefan'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien, izay manambara ny zava-misy mikasika azy ho an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena ny Solombavambahoaka.

Vita izay dia nanamarika Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera, fa teboka efatra no tsara hodinihana etoana:

- Ny filàna amin'ny fanalana ny «immunité Parlementaire» izay tokony efa natao tamin'ny taona 2017 satria mbola Solombavambahoaka izy tamin'izany, izay daty nilazana ho nanaovany ny heloka kanefa taty amin'ny taona 2019 vao nosamborina izy raha toa ka efa tsy Solombavambahoaka intsony anefa tokony nangataka fanalana ny «immunité Parlementaire» tamin'ny Birao Maharitra izy ireo tamin'izany.
- Ny antony idiran'ireo olona ao amin'ny BIANCO amin'ny fisoloana tena ny fanjakana satria raha araka ny «Ordonnance 73-012» dia ny «Direction de la Législation et du Contentieux» eny amin'ny Fiadidiana ny Praiminisitra no afaka misolotena ny fanjakana Malagasy amin'ny raharaha toy itony.
- Mampanontany tena ihany koa ny fahefan'ny Minisitery ny Fitsarana maka ny antontan-taratasy (dossier) ady heloka eny amin'ny Fitsarana Ambony sy Fitsarana Ambaratonga Voalohany satria raha araka ny «principe de séparation de pouvoir» dia tokony hahaleotena ny Fitsarana, ka tsy tokony hitsabahan'ny Minisitery izany mihitsy.
- Mikasika ny fampiatoana ny sazy ihany no atao eto araka ny andraikitra sy fahefana izay natolotra antsika.

Avy eo dia nandray fitenenana ny Mpisolovava an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien, ka ireto avy ireo zavatra nolazainy:

- Nanomboka ny volana Aprily 2019, ankatoky ny fifidianana no nisian'ny antsonjay ara-pitsarana natao tamin'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien,
- Tamin'ny 20/04/2019 dia nisy Miaramila 50 lahy no nanao fisavana izay tsy nanana taratasy fahazahoan-dalana entina manao izany (mandat de perquisition),

ka nisy lelavola “110 000 000 Fmg” izay very tao an-tranon’ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien nandritra izany fisavana izany. Rehefa nampandre ny lehiben’ireo Miaramila ireo ny tompon-trano dia vola “45 000 000 Fmg” ihany no tafaverina.

- Ny andron’ny 24/04/2019 dia nisy Zandary indray nitondra taratasy fahazoana misava ny tranon’ny Reniny, izay tsy nahitana zavatra hafaha mihitsy nandritra ny fisavana, fa nody maina ireo Zandary, ka na ny anton’ny fisavana aza tsy fantatra mazava hatramin’izao.
- Tamin’ny andron’ny 25/04/2019 no nosamborina Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien.
- Ny 29/04/2019 dia mbola nisy ny antsojay izay natao, ka nisavana ny tranony tany Andankambe izay nolazaina hoe misy milina fanaovana vola sandoka anefa tsy nahitana an’izany akory tao.
- Tamin’ny 06/05/2019 dia mbola nisy ihany ny fisavana ny tranony izay nataon’ireo Zandary ary natao daholo izay zavatra rehetra hampigadrana azy.
- Teo dia nahita tetika nentina nanenjehana azy ny fampanoavana tamin’ny alalan’ny «abus de fonction; trafic et circulation illicite de bois de caisse» ary nisy aza hatramin’ny vono olona izay raha tsorina dia endrika «harcellement judiciaire» no nihatra taminy.
- Nanamarika Andriamatoa Mpisolovava, fa na dia tsy hiditra ao amin’ny votoatin’ny raharaha aza, efa hita fa misy sahady ny tsy fanarahan-dalàna (vice de procédure) satria tokony hisitraka ny «immunité Parlementaire» Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien tamin’ny taona 2017 ary tokony nangataka «levée d’immunité» tamin’ny Birao Maharitra eo amin’ny Antenimierampirenena ny Fitsarana vao afaka nanenjika raha araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimerampirenena.
- Izany hoe tsy tokony ho afaka nanenjika mihitsy ny fampanoavana raha tsy nahazo io fahazahoan-dàlana avy amin’ny Birao Maharitra io.
- Naiditra am-ponja vonjimaika ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien tamin’ireo raharaha nanenjehana azy ireo: «abus de fonction, exploitation illicite de bois, transport illicite de bois» (raharaha voalohany) sy ny vono olona (raharaha faharoa).
- Nangataka ny ahazoana fahafahana vonjimaika Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien tamin’ny raharaha faharoa ary neken’ny Fitsarana Ambony tao Toliara izany ny 14 Jona 2019, ny mahagaga anefa, tsy mety mivoaka mandrak’ankehitry ny «ordre d’élargissement» ahafahana manatanteraka io didy io. Rehefa nanontanian’ny Fitsarana tao Toliara, ny Fampanoavana Ambony dia nilaza fa tsy maika ny famoahana izany. Izany dia manabaribary endrika fandikan-dalàna. Ankehitry dia efa tokony tsy ho voatazona am-ponja intsony ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien, mikasika io raharaha faharoa io, fa iniana tsy avoaka ny «ordre d’élargissement» ahafahana mitazona azy am-ponja izay tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna.
- Marihana etoana, fa efa nafindra toerana io Mpitsara tao amin’io Fitsarana Ambony io rehefa nanaiky ny fangatahana fahafahana vonjimaika nataon’ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien, mampametra-panontaniana ihany ny mikasika izany.
- Mikasika ny raharaha voalohany nitazonana azy indray, betsaka ireo fangatahana fahafahana vonjimaika natao teo anivon’ny Fitsarana.

Ny mahagaga dia nolavin'ny "Chambre de détention preventive" hatrany izany satria hono tsy afaka mitsara ny mpitsara, fa efa nanao ny famotorana ny raharaha. Tsara tsipihana anefa fa nisy ny "ordonnance" izay navoakan'ny Fitsarana Ambony tao Toliara nanome alalana sy fahefahana feno azy hitsara ny raharaha na efa nanao ny famotorana aza izy, saingy nodiana tsy nojerena izany mba entina hitazonana hatrany ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien any am-ponja.

- Efa nandeha ny fitsarana an'io raharaha voalohany io; hita tanteraka fa dia nitanila ny Fitsarana tamin'ny fitsarana ny raharaha satria ny andro nandehanan'ny fitsarana ihany no nivoahan'ny didy, izay raha ny tokony ho izy, iray volana atỳ aoriana, indrindra fa raharaha sarotra toy izao. Izany dia midika fa efa nisy didy voamana ho azy tany alohan'ny nitsarana azy.
- Mikasika ny didim-pitsarana an'io raharaha voalohany io ihany dia tsapa tanteraka fa nitanila sy tsy ara-drariny ary tsy nanaraka ny lalàna velona ny namoahana azy satria misy ny «principe de non cumul des peines» izay milaza fa ny sazy faran'ny henjana ihany no tokony hampiharina raha toa misy sazy mitovy endrika (emprisonnement) maromaro izay manameloka olona iray. Raha ity raharaha ity manokana anefa no jerena, misy telo ny sazy nomena azy ka toy izao izany:
 - «3 ans d'emprisonnement et deux millions d'Ariary d'amende ferme pour abus de fonction»
 - «Un an d'emprisonnement et 500 000 Ariary d'amende ferme pour exploitation illicite des produits forestiers»
 - «Un an d'emprisonnement et 500 000 Ariary d'amende ferme pour circulation illicite de produits forestiers»
- Raha tsorina dia lasa 5 taona an-tranomaizina izany no sazy azony kanefa tokony ny sazy ambony indrindra ihany no horaisina, ny telo taona an-tranomaizina amin'ny fampiharana ny «règle de confusion des peines».
- Nisy ny «appel» natao tamin'io didim-pitsarana io, izany hoe heverina ho toy ny tsy misy izany ity farany.
- Nikasa ny hanao fangatahana fahafahana vonjimaika teo anivon'ny Fitsarana Ambony tao Toliara izahay kanefa tsy afaka mitsara ny Fitsarana satria tsy ao amin'ny Fitsarana Ambony ao Toliara ny antontan-taratsin'ady fa nalain'ny Minisitara.
- Tsy misy mihitsy anefa ao amin'ny fehezan-dalàna mikasika ny paikady heloka manome fahafana sy fahefana ny Minisitara haka «dossier»-n'ny Fitsarana izay mbola mandeha (en cours). Hita taratra amin'izany ihany koa ny endrika tsy fanajana ny lalàna fototra mikasika ny «séparation des pouvoirs» satria ny Minisitara no mitsabaka amin'ny «dossier» tsaraina eny anivon'ny Fitsarana amin'ny alalan'ny fanagiazana izany.
- Efa nisy fandalovana teny amin'ny Minisitara, nihaonan'ny Renin'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien tamin'ireo tomponandraikitra maro samihafa, saingy fandrinarirana fotsiny ihany no valin-teny azo.
- Ny fanagiazan'ny Minisitara io antonta-taratsin'ady io dia midika tsotra izao, fa afaka tazonina mandritra ny fotoana tsy voafetra «détenué indéfiniment» ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien ary tsy afaka mangataka fahafahana vonjimaika na koa manohy ny «procédure d'appel» amin'ny didim-pitsarana raha tsy mipoitra ny «dossier» avy any amin'ny Minisitara, izay fanitsakitsahana tsotra izao ny lalàna velona eto amin'ny Firenena.

- Tsara marihana, fa ny «dossier» mikasika io vono olona io dia noforonina fotsiny ihany satria ireo olona maty nolazaina fa novonoiny ireo dia niharan'ny fitsaram-bahoaka satria dahalo efa nikohizana tany an-toerana ary misy mihitsy ny «télégramme officiel» nataon'ireo Zandary tany an-toerana manamafy, fa dahalo ireo olona ireo.
- Trafran'ny Fokonolona anefa ireo dahalo ireo ary novonoiny; nanao sonia ny olona maherin'ny 50 izay nanapakevitra ny hamono an'ireo dahalo ireo. Tsy nahitana ny anaran'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien tao anatin'io taratasy nosoniavin'ny Fokonolona io ary tsy nanatrika izany famonoana izany akory izy kanefa io indray no niampangana azy.

Nilaza Andriamatoa Mpisolovava, fa misy porofo avokoa ireo zavatra voalaza rehetra ireo.

Rehefa vita izay fanazavana izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

FANONTANIANA:

1. Firy ny «numéro de référence de transmission» nakan'ny Minisiteran'ny Fitsarana ny «dossier»?
2. Oviana ny daty voalaza ho namonoany olona ary mbola Solombavambahoaka ve izy tamin'izany?
3. Moa ve manana zo hisintona ny «dossier» ny Minisitera, raha ny «principe de séparation des pouvoirs» no jerena dia ao anatin'ny «pouvoir exécutif» ny Minisiteran'ny Fitsarana?
4. Aiza ny «ordre d'élargissement» avy any amin'ny Fitsarana?
5. Manana zo amin'ny fampiatoana ny sazy ve ny Solombavambahoaka. Moa ve mila ny hevitra avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarany izany?

Tsy tokony hiala nenina ihany ve ny amin'ny fampiantsoana ny Minisiteran'ny Fitsarana mba tsy hihainoana ny feon-dakolosy tokana?

VALINY:

1. Tsy nisy «numéro de référence» nakana ny «dossier», fa natao baiko am-bava fotsiny ihany.
2. 618 RP/17 no «numéro de dossier», tamin'ny taona 2017 ary mbola Solombavambahoaka izy tamin'izany.
3. Raha jerena ny paikady heloka (code de procédure pénale) dia tsy misy «dossier» alefa any amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, fa fanararaotam-pahefana izany.
4. Tsy natao akory ny «ordre d'élargissement» ary efa nafindra toerana Ramatoa Filohan'ny Fitsarana tao Morondava ary lasa «élément constitutif de détention arbitraire» ny raharaha.
5. Ny tsy fahatongavan'izy ireo dia efa midika ny tsy faneken'ny ity zavatra hatao ity ary ity dia «occasion» natao hitsirihana ny fomba fiasan'ny Minisiteran'ny Fitsarana. «Régime semi-parlementaire» isika izao, fa tsy «régime Présidentiel fort»; noho izany, tokony ho ny Minisitera no mamonjy ny fahefana mpanao lalàna ary afaka manao «interpellation» azy ireo ny Solombavambahoaka raha misy tiana hanontaniana.

Miendrika tsy fanajana ireo Solombavambahoaka izany satria na misy aza ny fanolorana ny PGE (Politique Générale de l'Etat) dia misy ireo Minisitry tsy tonga manatrika izany, eo ihany koa ny fanolorana volavolan-dalàna izay «Chef de Service» no asain'izy ireo manolotra izany manoloana ireo Solombavambahoaka, ka hita taratra amin'izany ny endrika tsy fanajana aseo ireo Solombavambahoaka.

Noho ireo antony ireo dia tokony hahatapaka hevitra manokana ny Solombavambahoaka, fa tsy hiandry ny fahefana mpanantanteraka foana vao manao zavatra.

FANAMARIHANA:

- Nanome soso-kevitry Andriamatoa Filohan'ny SMM (Syndicat des Magistrats de Madagasikara), fa tsy hiditra amin'ny «fond», fa tokony ny «vice de forme» no jerena satria izy io dia heloka natao nandritra ny fotoana naha Solombavambahoaka azy, ka tokony hisy ny fangatahana «levée d'immunité Parlementaire» tamin'izany.
Nanome soso-kevitry ihany koa izy mba handefasana ny «dossier» any amin'ny HCDD (Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit) sy ny CNIDH (Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme) ary handefasana dika mitovy ny Minisitry an'ny Fitsarana sy ny Filohan'ny Repoblika mba ahafahan'izy ireo manome ny heviny mikasika io raharaha io.
Nohamafisiny ihany koa fa «irrécevable» ny BIANCO raha mikirakira ny raharaha isoloana tena ny Fanjakana Malagasy satria raha ny «ordonnance n°73-012» dia ny «Direction de la Législation et du Contentieux» eny amin'ny Primatiora no afaka misolotena ny Fanjakana.
Tokony handefa «requête» any amin'ny Fitsarana Tampony ihany koa mba hangatahana ny «dessaisissement»-n'ny Fitsarana Ambony ao Toliara.
Niteny izy, fa tokony halefa alohan'ny «conférence de Genève sur les droits de l'Homme» amin'izay misy akony bebe kokoa ary ampiana fanontaniana hoe: voahaja tokoa ve ny zon'olombelona sy ny «immunité parlementaire» eto Madagasikara ary anaovana «conférence de presse».
- Marihana fa araka ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy mila olona avy amin'ny Minisitry izany, fa fakana hevitra fotsiny no ilàna azy ireo ary tsy misy Minisitry tsy hisy olona izany hisolotena azy fa efa izy ireo mihitsy no tsy te ho tonga.
- Nambaran'Andriamatoa Mpisolovava, fa raha araka ny lalàna dia ny «disposition spéciale» no ambony noho ny «disposition générale», ka io andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena io dia «disposition spéciale» ahafahana manao «suspension de détention» an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien.

Nandray ny fanapahan-kevitry ny Vaomiera, fa aato ny fitanana am-ponja sy ny fanenjehana an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien, ka hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitry farany.

Nifarana ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

«PROPOSITION DE RESOLUTION n°03-2019/PR

Requérant la suspension de la poursuite engagée contre Monsieur RAVELOSON Ludovic Adrien, Député de Madagascar, élu à Mahabo

EXPOSE DES MOTIFS

Le fonctionnement de la démocratie introduit la fonction de représentativité au niveau des communautés locales. C'est dans ce cadre que le Député est élu au niveau de sa circonscription électorale. Outre les fonctions traditionnelles dévolues par la Constitution, le Député représente la nation tout entière incluant de facto, la partie de la population qui l'a élu à cette fonction.

Or, force est de constater que, le fonctionnement régulier de ce principe et l'exercice du mandat parlementaire confié à Monsieur RAVELOSON Ludovic Adrien, se trouvent entravés de la manière la plus grave. En effet, depuis son arrestation illégale qui a été opérée cette année pour des faits remontant à 2017, pendant lequel il a encore été Député, plusieurs mesures ôtant les droits les plus élémentaires de la défense ont été constatées. Il apparaît donc clairement dans cette situation la violation de deux grands principes juridiques: la protection du parlementaire pour tout abus exercé à son encontre, afin de préserver son indépendance et le non-respect des règles de procédures juridiques, inhérents à tout Etat de droit.

Le maintien en détention de Monsieur RAVELOSOSN Ludovic Adrien va à l'encontre du bon sens et du principe même de l'équité et de la justice. Il est à craindre que ce fait ait vocation à instaurer une culture de l'arbitraire au sein de notre pays.

Aussi, afin de rétablir un fait de droit, et permettre à la population de Mahabo de recouvrer son droit de se faire représenter à partir d'un scrutin auquel elle a été solennellement conviée, l'Assemblée nationale se voit dans l'obligation de recommander la cessation de toutes mesures pénales à l'endroit de Monsieur RAVELOSON Ludovic Adrien.

Tel est l'objet de la présente Proposition de Résolution».

«PROPOSITION DE RESOLUTION n°03-2019/PL

Requérant la suspension de la poursuite engagée contre Monsieur RAVELOSON Ludovic Adrien, Député de Madagascar, élu à Mahabo

Vu l'article 72 de la Constitution,

Vu l'article 13 de l'Ordonnance n°2014-001 du 18 avril 2014 portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée nationale;

Vu l'article 111 de la Résolution n°01-2019/R portant Règlement Intérieur de l'Assemblée nationale

Vu la décision de la Haute Cour Constitutionnelle n°16 HCC/D3 du 05 septembre 2019 relative au Règlement intérieur de l'Assemblée nationale

Vu le Rapport de la Commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives ou restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député en date du 08 novembre 2019.

L'Assemblée nationale a adopté, lors de sa Séance plénière en date du 15 novembre 2019, la Résolution dont la teneur suit:

Article Premier - L'Assemblée nationale requiert la suspension de la détention et la cessation de poursuite du Député RAVELOSON Ludovic Adrien, élu à Mahabo.

Article 2 - La présente Résolution sera transmise à Monsieur le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, et à Monsieur le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, pour ce que de droit.

Antananarivo, le 15 novembre 2019

LA PRESIDENTE DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

- Tehaka -

- 4 -

- Fanazavana nataon-dRamatoa Filoha -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiana izay tatitra izay.

Hiditra amin'ny fanamariana na fanitsiana ny tatitra izay novakiana teo isika. Izany hoe mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana ny tatitra, ohatra hoe misy diso tsipelina na misy tavela tsy voalaza.

Atsangano ny tànan'izay handray fitenenana handraisana ny anarany.
Tsy misy.

Rehefa tsy misy fanitsiana dia hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika.

Araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, andininy faha-111, andalana faha-7 izay mivaky toy izao: ny Antenimierampirenena no manapaka amin'ny votoatin'ny adihevitra izay hany afaka mandray anjara.

Mandray anjara amin'izany ny Mpampakateny ao amin'ny Vaomiera, ny solotenan'ny Governemanta, ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny Solombavambahoaka voakasika na ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena; izany hoe: ny Solombavambahoaka misolotena an'io Solombavambahoaka io dia ny Mpandahateny manaiky na ny Mpandahateny manohitra.

Ny fangatahana famerenana io andalana io dia laniana aorian'ny fihainona ny Mpampakateny. Raha misy fitsipahana dia henoin'ny Antenimierampirenena ireo Mpandahateny voalazan'ity andalana ity.

Misy fanazavana tiako homena amin'io andininy faha-111, andalana faha-7 io satria voalaza amin'io lisitra io hoe: isika efa nandefa azy tany amin'ny Vaomiera ary efa tonga eto ny tatitra avy tany aminy.

Mikasika ny fandraisana fitenenana ato amin'ny fivoriambe indray, mandray fitenenana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond, mandray fitenenana ihany koa ny Governemanta ary ny Solombavambahoaka izay misolo ny Solombavambahoaka voatazona.

Tiana homarihana fa raha ny voalazan'io andalana io ihany, misy ny Mpandahateny mpomba ny Solombavambahoaka ary misy Mpandahateny tsy mpomba azy, izany hoe, «pour ou contre». Izay no tokony handray fitenenana, fa ankoatran'izay, mihaino an'ireo mpandray fitenenana ireo isika vao afaka mandray «résolution» na fanapahan-kevitra ankapobeny.

Noho izany, ny Mpampakatenin'ny Vaomiera efa namaky ny tatitra, azo anontaniana izy raha toa mbola misy tiany hambara ankoatran'ny fampakarany teny izay nataony teo.

Manaraka izay, handray fitenenana ny solotenan'ny Govenemanta izay manatrika eto dia ny Minisiteran'ny Fitsarana izany, avy eo ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Solombavambahoaka ary ny Mpandahateny manaiky na «pour»; farany ny Mpandahateny manohitra na «contre». Izay no andaminana ny fandraisana fitenenana rehefa tsy nisy nanao fanamarihana na fanitsiana ny tatitra isika.

Afaka manangan-tànana isika raha mbola misy mangataka fanazavana ambonin'izay. Rehefa tsy misy, arosontsika izay fandaminana izay.

Misy Mpisolovava mianadahy tonga eto, ny Mpisolovava ny Solombavambahoaka RAVELONSON Ludovic Adrien sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, izay hohenoana ihany avy eo.

Isika Solombavambahoaka nomen'ny Fitsipika Anaty fahefana hanangana ny vaomiera mikasika ny fitanana am-ponja na fampiatoana na ny famoahana an'izany dia tiako homarihana eto fa tsy ho diso na hibolisatra isika ka sanatria lasa «audiance» na fotoam-pitsarana no ataontsika eto. Izay no mahatonga ny famerana ny fandraisana fitenenana.

Ny fanapahan-kevitra horaisintsika kosa no alefantsika «acquis de droit» amin'izay manadrify azy. Tsy didim-pitsarana mihitsy no hivoaka eto, fa fanapahan-kevitra toy ny fanapahan-kevitra raisintsika Solombavambahoaka ihany.

Ireo mpisolovava ireo, tsy hanao «plaidoirie» na handeha hiaro, sanatria hoy aho, sao ho lasa fotoam-pitsarana ity fivoriambe ity. Efa nanazava tamintsika teo, fa tany amin'ny vaomiera ianareo no afaka nanome ny hevitrareo tamin'ny fiarovanareo ny olonareo, tao ihany koa ny HCDDDED, tao ny SMM nandray anjara fitenenana, fa ny voalazan'ny lalàna eto dia ny Mpandahateny mpomba sy ny Mpandahateny tsy mpomba.

Ny Mpandahateny mpomba na tsy mpomba, mahazo mijoro amin'izany isika Solombavambahoaka.

Ny handraisan'ny Mpisolovava fitenenana dia ny hanazava mitovy amin'ny teknisiana rehetra izay tonga angatahana fanazavana, fa tsy hanao «plaidoirie» satria sao lasa hivadika fotoam-pitsarana ity raharaha ity.

Misaotra Tompoko.

Ny Solombavambahoaka ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn, sao manan-kambara na fanamarihana na fanontaniana ianao. Isika ihany koa, raha mbola tsy mazava ny fanambarana izay nataoko teo, afaka manontany ianareo satria raharaha «délicat» no sady «sensible» izy ity.

Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Heveriko Ramatoa Filoha, fa feno tanteraka ny tatitra izay nentiko teo. Tsy manan-kambara intsony aho.

Misaotra tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka Mpampakatenin'ny Vaomiera.

Omentsika fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy maintsy vonona amin'izany ianareo sady milaza ny anarana sy ny andraikitra amin'ny Minisitera izay iasanao mba ho fantatry ny Solombavambahoaka manatrika etoana.

Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger, Lehiben'ny Sampandraharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Manantitra ny arahaba ho antsika rehetra tonga eto.

Ny mandray ny fitenenana dia Andriamatoa Roger RAKOTONANDRASANA Mpitsara, «Chef de Service de la Justice Pénale Spécialisée» ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Tsy ho lava resaka aho, fa mikasika ny nahatongavana eto dia hanatrika an'ireto fangatahana nataon'ireto Solombavambahoaka roa ireto.

Ny tena marina, izahay ao amin'ny Minisitera dia tsy nanatrika ny “commission” teo aloha, ka tsy hitanay izay holazaina, fa hoy ny ao amin'ny fitsarana hoe mihaino izay zavatra lazaina sy houisina ary izay hotapahana eto izahay.

Misaotra Tompoko.

- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa solotenan'ny Minisiteran'ny Fitsarana, tamin'ny fandraisanao fitenenana.

Isika Solombavambahoaka indray no handray fitenenana, izay misolotena ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien voafidy tao Mahabo, izay votoatin'ny tatitra sy ny fihaonana atao eto izao.

Misy hisolo an'io Solombavambahoaka io ve; satria araka ny voalaza tato amin'ny tatitra, ny Solombavambahoaka RANDRIANANDRAINA Théophile Christian, voafidy tao Benenitra no misolotena azy. Ao ve ny Solombavambahoakan'i Benenitra.

Iza no afaka mandray fitenenana mandahateny ho an'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien.

Hiteny amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien ve ianao.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, voafidy tao Farafangana.

Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ialako tsiny be dia be etoana raha ohatra ka izaho no nanolo-tena hisolotena ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien eto androany.

Raha ny fihainoana ny tatitra nataon'ny Mpampakatany teo dia feno tokoa. Tsapa sy hita fa nisy fandikan-dalàna marobe tao; nisy lesoka be izay nataon'ny mpitsara nanomboka tany amin'ny Ambaratonga Voalohany ka hatramin'ny Ambaratonga Ambony tamin'ny fitsarana an'ity "dossier" momba an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien ity satria tsy hita tao ny atao hoe: "principe de séparation des pouvoirs", nitazonin'ny Minisitry ny "dossier" ary hatramin'izao mbola tsy hita ny misy azy na aiza na aiza.

Tao ihany koa ny tsy fanajana ny fangatahana ny "levée d'immunité"-n'ny Solombavambahoaka. Tao ihany koa ny tsy fanajana ny "principe de non cumul des peines" ary nisy didim-pitsarana anankiray izay tokony ho nampiarahina, natao tsirairay sahala amin'ny hoe: "circulation illicite de produits forestiers"; tokony didim-pitsara anankiray no atao tamin'io fa tsy azo sarahana ohatran'izany. Tsy voahaja tanteraka ny "principe de non cumul des peines" satria notsaraina ny voalohany, 3 taona dia nisy roa nifanarakaraka, 1 taona sy 1 taona avy.

Eto izahay, Ramatoa Filoha, rariny dia rariny raha ohatra; voalohany indrindra tokony hantsoina ny Minisitry ny Fitsarana mba hanazava lalindalina kokoa ny mikasika ity fitsarana an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien.

Faharoa, ny mpisolotena avy ao amin'ny Governemanta teo nilaza fa hoe: tsy manan-kambara izy, "qui ne dit mot consent". Midika izany fa izay rehetra tapaka eto dia tokony hotapahantsika.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka, niteny tamin'ny anaran'ny Solombavambahoaka teo.

Izay no efa nilazako hoe mila mitandrina isika, indrindra mikasika ny “séparation des pouvoirs”. Izay mihitsy satria ny antsika ity “législative”, izy ireo “judiciaire”, tsy misy iarahana amin'ity, tsy fotoam-pitsarana akory no atao eto, fa tena jerentsika ny raharaha mikasika ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien.

Solombavambahoaka daholo isika ato, ny solotenan'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien efa niteny, sa misy Mpandahateny manohitra ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien, ankoatran'ny Minisiteran'ny Fitsarana. Ny Minisiteran'ny Fitsarana no tompon'ny fanenjehana. Ny Minisiteran'ny Fitsarana no nanambara, fa tsy manan-kambara intsony izahay. Misy miaraka amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana ve mpanohitra ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien.

Manaiky ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien aloha.

Misy manangan-tàna, manaiky ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien.

Ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narson, avy any Antanifotsy, ny Solombavambahoaka DINAH Romual, avy any Maroantsetra.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; ianareo solotenan'ny Governemanta; isika namana Solombavambahoaka tonga eto androany.

Napetrakao tsara, Ramatoa Filoha, ny zavatra hataontsika androany tsy hijery isika hoe inona no nataony na “enquête au fond”, fa hijery kosa hoe tokony hiala ao am-ponja izy sa tokony hiverina atỳ amintsika Antenimierampirenena.

Anankiray ny holazaiko: io olona voatazona any am-ponja amin'izao fotoana izao io; ataontsika fa “mandat de dépôt” no itazonana azy, fa mbola tsy voatsara, sa efa voatsara. Nanao «appel» izy, fa mbola tsy voatsara ny «appel» nataony. Amin'izao fotoana izao izy dia Solombavambahoaka, lany Solombavambahoakan'i Madagasikara. Raha ny marina izany dia efa mihatra aminy ny atao hoe «immunité parlementaire».

Misy tiako hapetraka kely, Ramatoa Filoha.

Misy ataontsika hoe “jurisprudence”; ny lalànantsika eto Madagasikara dia mitovy amin'ny lalàna any Frantsa raha ny fandinihako azy. Nisy “jurisprudence” tany ivelany tany, Andriamatoa Filohampirenena Frantsay, Jacques CHIRAC tamin'izy Ben'ny Tanànan'i “Paris” dia nenjehina tamin'ny zavatra nataony. Voaheloka izy, fa mialohan'ny nahavoaheloka azy, lany ho Filohampirenena izy. Niandry ny nanaovana “enquête” azy hampidirana azy any am-ponja raha meloka izy; niandry ny tsy naha Filohampirenena azy intsony. Rehafa tapitra ny “mandat” tsy naha Filohampirenena azy intsony, izay vao nantsoina tany amin'ny tribonaly izy. Izany hoe, tsy afaka ampidirina am-ponja izy raha ohatra voaheloka ary raha ohatra ka nanao “appel” izy tamin'izany andro izany, mbola tsy vita izany ny fitsarana azy.

Tsy maintsy amin'ny maha Solombavambahoaka azy, amain'ny maha Filohampirenena azy; “élu du peuple” izy ka tokony haverina atỳ amin'ny Antenimierampirenena. Rehefa ilain'ny fitsarana izy rehefa tsy Solombavambahoaka intsony, azon'ny fitsarana antsoina izy amin'izay fotoana izay ary azony gadraina.

Ramatoa Filoha, lasa manao “jurisprudence inverse” raha manaiky isika Solombavambahoaka androany hoe: voaheloka izy satria nanao ratsy amin'ny maha Solombavambahoaka azy. Matahotra antsika rehetra aho ary mitodika amintsika Solombavambahoaka satria indraindray, mety misy fitoriana tsy mipetraka akory any. Tsy hiresaka politika aho, fa hiresaka fotsiny hoe tsy fitiavana, halako bika tsy tiako tarehy. Matoky ny fitsarana izahay, Tompoko. Matoky ny fitsarana ny Solombavambahoakan'i Madagasikara ary tena matoky matoa nametraka ny Filohampirenenanay izahay. Matoky ny fitsarana izahay satria andrin'ny Fanjakana ihany koa ianareo.

Androany, amin'ny maha Solombavambahoaka anay, manana izany “immunité” izany izahay; andraso izahay tsy ho Solombavambahoaka intsony vao antsoinareo any amin'ny fitsarana, izay vao gadrainareo raha ohatra misy ny anagadranareo anay. Aza atao an'izany izahay Solombavambahoaka ary eto aho manentana isika Solombavambahoaka; raha manaiky isika androany hoy aho dia ho lasa “jurisprudence”, tsy haiko ny milaza azy, Ramatoa Filoha, satria manana izahay manana anao. Manana “magistrat” izahay ary maromaro izy no ato, manana ny Filohanay “magistrat” izahay.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka Mpandahateny mpomba an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic Adrien isika.

Mpandahateny DINAH Romuald, Mpandahateny mpomba sa tsy mpomba.

Andriamatoa DINAH Romual

Misaotra Ramatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra.

Tsy mahay lalàna aho satria mpampianatra matematika any amin'ny “Lycée”, fa miaina amin'ny zavatra lojika.

Raha ny fijeriko an'ity raharaha ity, tsy ny vahoaka no nitory an'io olona io, fa olom-bitsy. Izay no fahitako azy voalohany.

Faharoa, olom-bitsy ihany koa no nitsara azy ka nampiditra am-ponja azy.

Ny zavatra tiako anontaniana dia hoe: ny vahoaka ve na ny olona nanao fampielezan-kevitra, nandany vola aman-karena, mbola misy tsy lany; indrindra fa ny olona any am-ponja izay voafidim-bahoaka. Aoka samy hieritreritra isika.

Izaho tsy mahay lalàna hoy aho teo. Ireo vahoaka marobe izay nifidy azy ireo ve nikimpy ny masonry fa tsy nahita an'io olona io tamin'ny maso sy naheno tamin'ny sofina hoe: olona hafahafa izy. Olom-bitsy ihany no nahita azy fa olona hafahafa. Izay no tiako ametrhana fanontaniana. Tsy mpisolovava aho eto.

Manarak'izay, inona no zavatra jeren'ny vahoaka rehefa hifidy olona anankiray. Ny voalohany di any fitondran-tenan'iny olona iny ao anaty fiarahamonina. Izay zavatra jereny voalohany, fa tsy marina izany vahoaka hoe handeha hifidy olon-dratsy izany. Misy koa ny "adversaire" mikapoka azy, fa ny vahoaka no manaporoko hoe mitombina na tsia ary matoa izy lany; misy olona mandany vola amina miliara kanefa tsy lany; misy olona mampiasa fihetsika maro samihafa kanefa tsy lany. Maninona izy no nofidian'ny vahoaka maro an'isa, vahoakan'ny fanjakana anefa olona roa na telo no mahita azy fa olon-dratsy. Izay no tiako hanontaniana.

Raha ny fahitako ny zavatra novakian'ny Solombavambahoaka teo dia nenjehina tamin'ny zavatra anankiray tsy nahitana porofo izy; navadika tamin'ny zavatra anankiray hafa koa, fa mbola tsy nahitana porofo ihany. Aleo mitady zavatra hafa, fa tsy maintsy atao ny fampidirana azy any am-ponja. Sao mba afaka mieritreritra ihany isika amin'izay rehetra izay.

Izay ihany no teniko, fa mieritreritra aho hoe tsy adala ny vahoaka, fa hendry ary rehefa nandeha nandatsa-bato, tsy noterena izy fa safidy no nataony. Maninona izy no mbola nifidy an'io olona io raha toa heveriny fa olon-dratsy izy, hevitr'olom-bitsy izany. Tsy izy irery no nilatsaka ho Solombavambahoaka, fa nisy mpifanandrana taminy ary nikapoka azy tamin'ny angady sy ny harona tamin'ny alalan'ny vava kanefa maninona ny vahoaka no tsy resy lahatra, fa mbola nifidy azy ihany. Maninona ny mpifanandrana taminy no tsy nofidian'ny vahoaka. Anjarantsika no mieritreritra, fa raha ny avy amiko aloha, afaho ity olona ity. Izaho tsy mpisolovava ary tsy nianatra lalàna, fa ny ahy miaina amin-javatra lojika.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, tamin'ny fandraisanao fitenenana, izay fanontaniana no ankoamaroany.

Mpandahateny tsy mpomba; manangan-tànana ny Solombavambahoakan'i Morondava. Azafady, Mpandahateny mpomba sa tsy mpomba ianao.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot

Mpomba, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Raha ny lalàna, fanontaniana mipetraka amin'ny Solombavambahoaka Mpandahateny tsy mpomba no nandray fitenenana teo.

Tena feran'ny lalàna mihitsy, fa ny Mpandahateny mpomba dia iray raha ny tena izy, ny Mpandahateny tsy mpomba iray.

Mametraka fanontaniana araka ny lalàna, manangan-tànana izay Mpandahateny tsy mpomba.

Tsy misy.

Manao satroka ny Solombavambahoaka RABEKIJANA Solofo Hery.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery

Satroka Ramatoa Filoha.

Misaotra betsaka nanome ny fitenenana.

Ny fiheverako izao toe-draraha izao, tena Distrika akaikin'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic ny Distrikan'i Morondava. Rariny sy hitsiny raha omena fitenenana ny Solombavambahoaka CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot satria izy no akaiky azy. Mangataka, Ramatoa Filoha, aleo mba omentsika fitenenana izy.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Lalàna no arahintsika, fa isika mpanao lalàna ihany koa; ato no anapahana ny zavatra rehetra mikasika ny lalàna. Misy ny fangatahanareo, ka ataontsika tsangan-tànana izany.

Atsangano ny tànana'izay manaiky, fa hampiana ny Solombavambahoaka hiteny, mpomba ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic.

- Solombavambahoaka miisa 46 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Omena fitenenana izany ny Solombavambahoakan'i Morondava, izay mbola Mpandahateny mpomba ihany.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny Solombavambahoaka rehetra.

Amin'ny maha olombelona mitafy nofo no andraisako fitenenana eto.

Izaho no mahalala ny toe-javatra nisy raha amin'ny Distrika misy anay na i Mahabo, any Menabe indrindra indrindra. Ny zavatra azoko tenenina dia marobe ny fitarainana voarainay satria taorian'ny fifidianana no zavatra tenenina eto. Mijaly ny vahoaka tsy misy Solombavambahoaka. Izany hoe raha mbola hotazonina any am-ponja io rahalahy io; lasa ohatran'ny hoe manasazy vahoaka isika.

Tsy hiditra amin'izay mety ho fahotana nataony aho satria olombelona izy. Tsy idirako lalina izay, fa aoka hojerentsika ny vahoaka ary matoky ny fitsarana koa ny tenanay.

Mangataka ary tomponandraikitra feno amin'ny fangatahana ataoko eto aho satria matoa lany izy, sarotra ny hanagadra izany olona efa nahazo fandresena izany. Mbola nametrahany ny vahoaka fitokisana izy na teo aza ny kilemany amin'ny maha olombelona azy. Tsy misy anjely latsaka an-tany isika Solombavambahoaka rehetra ato ireto, mety hanana izay zavatra izay. Mijaly ny vahoaka, mitady ny Solombavambahoakany izy; mitady ny olona nametrahany fitokisana izy; reefa misy zavatra itarainany, aty aminay no mivangongo izany. Izahay koa Solombavambahoakan'i Madagasikara ka mihaino izay olona misy any amin'ny vahoaka; sady torapo araka ny resako teo amin'ny maha olombelona ary misaotra sahady antsika Solombavambahoaka izay mitovy fomba fijery, satria raha isika no tsy hitandrina amin'ity indray mitoraka ity dia hatao sambo-dokotra ato isika mianakavy.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Misaora ny Solombavambahoakan'i Menabe isika.

Tsy misy Mpandrahateny manohitra ny tolo-pehin-kevitra noraisiny ny vaomiera, ka hanontany ny hevitsika Solombavambahoaka aho; sao misy maniry na mangetaheta isika amin'ny fanazavana ny pitsopitson-dalàna na "procédure" mikasika ny raharaha tahaka ity, izay azon'ny teknisia mpahay lalàna sy ny Mpisolovava tonga eto. Tsy hiaro no ahatongavany eto satria tsy ato no anaovana "plaidoirie" fa any amin'ny fitsarana, ka ekentsika Solombavambahoaka ve izany.

Atsangano ny tànan'izay manaiiky hoe: hanazava an'izay "procédure" izay ireo "Avocats" ireo. Afaka mametraka fanontaniana amin'izy ireo isika hoe: ahoana tsara ny "procédure" momba ity raharaha ity any amin'ny fitsarana.

Misy manao satroka.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Fanamarihana fotsiny no hataoko: betsaka ny hevitra ny "opinion publique" milaza fa izany Solombavambahoaka izany tsy maty manota, kanefa aza hadinoina koa fa mpanao politika isika. Betsaka ny olona mialona ny toerantsika, ka mandoto amin'ny tsy rariny. Marina fa noana isika amin'izao atoandro izao; mangataka kely, teknika fotsiny mba ahalalana fa rehefa misy Solombavambahoaka raha ohatra tena nanao ny tsy nety izy, avelao ny fitsarana no hitsara azy. Raha ohatra kosa tranga tahaka izao, ny alahelom-boangory no ihinanana voa tsy tononina dia lazaina fa navotantsika fotsiny satria namantsika. Tena misy mihitsy ny "procédure" tsy voahaja ka nahatonga azy naiditra am-ponja. Mba mangataka ny tenanay, minitra vitsy hanazava ny tekinisia hoe: nisy lalàna tsy voahaja tao. Tsotra ny olona tamin'io, isika rehatra 151, ny vahoaka firy tapitrisa, ny mifaninana amintsika ampolony, avy eo indray izy mamorona "dossier" ho antsika rehefa resy.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka isika.

Atsangano ny tànan'ny Solombavambahoaka manaiiky ny hanaovan'ny mpahay lalàna fanazavana ny "procédure".

- Solombavambahoaka miisa 45 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana-

Noho izany, omena fitenenana ny mpahay lalàna hanazava ny «procédure» mikasika ny raharaha anenrehana ny Solombavambahoaka.

Ambarao ny anaranao azafady sy ny asanao.

- 6 -

- Fanazavana ny fomba arahina amin'ny lalàna -

Andriamatoa RAKOTOHAVANA Hyacinthe, Mpisolovava

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Faly miarahaba antsika rehetra manatrika ity fivoriana ity.

"Maître RAKOTOHAVANA Hyacinthe, Mpisolovava an'Andriamatoa Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien.

Tsy hoe hanao "plaidoirie" araka ny efa natsidikao teo, Ramatoa Filoha, ny antony andraisako fitenenana, fa hanazava ny pitsopitsony nandehanan'ny "procédure pénale" nanenrehana ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic.

Ny zavatra tiako atsidika voalohany, Tompoko dia ity sady tena miombon-kevitra sy iray feo tanteraka amin-dRamatoa Filoha aho mikasika ny hoe: tsy solotenan'ny fitsarana isika androany ka handray fanapahan-kevitra hisolo ny toerany. Misy andinin-dalàna ao amin'ny Fitsipika Ananty mifehy ny Antenimierampirenena izay manome alalana sy fahefana ny Antenimierampirenena hampiato. Tsindriako tsara hoe: hampiato ny fitanana am-ponja vonjimaika. Tsy miditra amin'ny "procédure judiciaire" mihitsy isika hoe mijanona ve izany sa mitohy. Jerena hoe inona no antony nanenrehana azy sa tsy jerena, ny fitazonana am-ponja vonjimaika ihany no aato. Izay zavatra izay raha tena dinihana dia miainga avy any amin'ny "Constitution" ary tonga amin'ny "Ordonnance n°2014-001; ny "procédure" amin'ny antsihirany dia ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, andininy faha-111.

Raha tena fakafakaina io lalàna io dia tsotra ihany: ny fampiatoana ny fitanana am-ponja vonjimaika dia ahafahanareo Solombavambahoaka manao ny asanareo mandritry ny fotoam-piasanareo. Izay raha tena fakafakaina amin'ny antsipiriany ny lalàna.

Teboka telo ihany no tiako hazavaina aminareo mikasika azy ity.

Voalohany, mikasika ny “immunité parlementaire”, zavatra efa fantatsika Solombavambahoaka izany. Tsy miafina amintsika, ka tsy hatoro voanjo hadiana ianareo. Tsotra no ao anatin'ity trangan-javatra ity: taona 2017 ny “infraction”, mbola tao anatin'ny fotoana naha Solombavambahoaka azy izy, ka tsy nisy izay “levée de l'immunité parlementaire” izay.

Faharoa, ny “procédure” mety hifamahofaho aminareo ihany ny resaka, fa azavaiko amin'ny antsipiriany fotsiny ihany. “Procédure” roa no anenjhana ny Solombavambahoaka eny anivon'ny fitsarana: ny voalohany mikasika ny “abus de fonction”, “trafic de bois illicite” sy ny “transport de bois illicite”. Ny “procédure” faharoa, mikasika ny “assassinat et complicité d'assassinat”.

Ny “procédure” voalohany no horeshako anareo, mikasika ny “abus de fonction et trafic de bois illicite”: tsy nisy ny «immunité parlementaire» ahafahana nanenjika azy tamin'io fotoana io, fa tonga dia nenjhana izy. Efa nisy didim-pitsarana mikasika an'io, efa nivaly ny didim-pitsarana. Rehefa sendra toe-javatra toy izao, ka mivaly ny didim-pitsarana, raha tsy afapo ianao dia afaka manao fampakarana. Nanao an'izany fampakarana izany izahay, fa hatreto, tahaka ny tsy misy ny didim-pitsarana nivoaka tany amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany. Raha sendra an'izany, kanefa mbola voatazona am-ponja vonjimaika ihany ny olona iray dia manana zo hangataka eny amin'ny Fitsarana Ambony mba hahazo fahafahana vonjimaika. Ny olana kely fotsiny amin'ity antontan-taratsin'ady voalohany ity dia ny “dossier” tsy any amin'ny Fitsarana Ambony intsony, fa efa lasa any amin'ny Minisitara. Tsotra ny dikany, tsy afaka mangataka fahafahana vonjimaika intsony ny Solombavambahoaka RAVELOSO Ludovic, raha tsy tonga ao amin'ny Fitsarana Ambony io “dossier” io.

Izay ny mikasika ny “procédure” voalohany.

Momba ny “procédure” faharoa, nandeha ny “deferment” ary voatazona am-ponja vonjimaika izy; mikasika “assassinat et complicité d'assassinat”. Rehefa nangataka fahafahana vonjimaika izahay teo anivon'ny fitsarana tany Morondava dia nolaviny izany. Nanao fampiakarana tamin'ny Fitsarana Ambony tao Toliara izahay. Rehefa nandinika ny fangatahana fahafahana vonjimaika ny Fitsarana Ambony tao Toliara dia nomena izany fahafahana izany izy. Ny fahafahana vonjimaika raha ohatra omen'ny fitsarana, tsy hoe omena fotsiny io dia misoratra ao anaty didy, tonga dia mivoaka ny olona, fa misy pitsopitson-dalàna sy fomba fanao eny anivon'ny fitsarana ahafahana manatanteraka an'iny didy iny. Koa izay pitsopitsony sy andinin-dalàna entina anatanterahana izay didy izay no tsy fantatra. Nisy nibahana ve fa tsy nivoaka mihitsy ankehitriny ary izay no antony mbola itazonana ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic any amin'ny fitsarana amin'izao fotoana izao.

Izay “procédure” roa izay ihany, Tompoko, no nisy koa raha misy fanontaniana avy aminareo mikasika ny trangan-javatra izay tianareo ho fantatra ahafahanareo manapakevitra rehefa avy eo, vonona ny tenako hanome fanampy-panazavana amin'izany.

Misaotra betsaka, Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpisolovava, tamin'ny fanazavana nentinao teo izay.

Misy manana fanontaniana mikasika ity “procédure” ity amin'ny Mpahay lalàna ve, fa rehefa tsy misy, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahan'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien, voafidy tao Mahabo isika, satria nisy tolo-pehin-kevitra novakian'ny Mpampakateny teo izay handraisantsika fanapahan-kevitra izao.

Antsangano ny tànan'izay mandany ity tolo-pehin-kevitra izay nambara tamin'ny tatitra teo ity.

- Tabataba -

- 7 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahan'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic -

Ramatoa FILOHA

Tsy mazava ve; handray fanapaha-kevitra isika satria nisy fanapahan-kevitra izay noraisin'ny “commission” novakiana tamintsika teo. Rehefa novakiana izany dia niroso tamin'ny fandraisam-pitenenana isika. Aorian'ny fandraisam-pitenenana dia hiroso amin'ny fanapahan-kevitra isika. Tsy mpitsara isika, fa Solombavambahoaka, ny lalàna no manome fahefana antsika hanao “résolution” mikasika ny fampiatoana sy fampitsaharana ny fanenjehana ny Solombavambahoaka. Mazava aminareo ve izany. Izay vao mazava.

Hametraka fanontaniana amintsika Solombavambahoaka aho hoe: antsangano ny tànan'izay mandany an'ity tolo-pehin-kevitra nataon'ny vaomiera ity, fa hatsahatra ny fanenjehana ny Solombavambahoaka voafidy tany Mahabo.

Antsangano ny tànan'izay manaiky.

- Solombavambahoaka miisa 54 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tànana -

Ambarako fa lanin'ny maro an'isa ny tolo-pehin-kevitra izay voarakitra ao anatin'ny tatitry ny vaomiera, mikasika ny “levée de l’immunité” izany fanambarana izany.

Ny fanapahan-kevitra izay noraisintsika teo dia halefa any amin'ny “instance” tena mpandray ny fanapahan-kevitra eo amin'ny fanesorana na fampitsaharana ny fanenjehana. Izany hoe any amin'ny fitsarana.

Mbola misy tranga iray mikasika ny Solombavambahoaka voafidy tany Fandriana. Koa angatahana mba hiato kely ny fivoriana sa tohizantsika hatrany.

Antsangano ny tànan'izay manaiky fa haato ny fivoriana.

- Solombavambahoaka miisa 6 no nanangan-tàna -

Izay milaza fa hotohizana ny fivoriana.

- Solombavambahoaka miisa 49 no nanangan-tàna -

Mitohy ny fivoriantika, ka hiditra amin'ny tranga mikasika ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tao Fandriana isika.

Miangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra mikasika an'izay tolo-kevitra izay.

Iza no "Rapporteur" hamaky ny tatitra misy ny fehin-kevitra.

Ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narson, ihany omena anao ny fitenenana.

- 8 -

- Famakiana ny tatitra -

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Isika namana Solombavambahoaka;

Ianareo solotenan'ny Goverinemanta; fandinihana ny fangatahan'ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena izay voafidy tao Fandriana indray no hidirantsika.

Toy izao ny tatitra momba izany.

Nivory ny Alatsinainy faha-11 Novambra 2019 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomiera mitambatra nandinika ny fangatahan'ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tao Fandriana.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, Filohan'ny «commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député» no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

1. RAKOTOMALALA Lucien
2. RAHOLDINA Naivo
3. FAMINDRA Justin
4. RAMBOASALAMA Emilien
5. VONINAHITSY Jean Eugene

6. RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

1. RAFIDIMANANA Narson

Andriamatoa Naivo RAHOLIDINA no notendren'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena hisolotena azy.

Ny Mpisolovavan'ny Solombavambahoaka Hasimpirenena:

1. RASOLOHERISOA Victorine

Marihana etoana fa tsy nisy solotena avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana tonga niatrika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera izay nitarika ny fivoriana dia nampamakiany avy hatrany ny «requête» natan'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, Solombavambahoaka voafidy tao Fandriana sy izay voalazan'ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia natolotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka Naivo RAHOLIDINA, misolotena ny voampanga ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny raharaha. Nandritra ny fandraisany fitenenana no nilazany, fa «mandat de dépôt» no itazonana azy any am-ponja fa tsy mbola voatsara.

Misy lafiny roa no azo ilazana ny antony nitazonana am-ponja an'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao Fandriana dia antony ara-tekinika sy ara-politika.

Antony ara-politika:

Teo amin'ny lafiny politika dia nitàna andraikitra maro teo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany Andriamatoa Hasimpirenena, ka ohatra amin'izany ny naha "Inspecteur principal de domaine" azy, ka ny tena naharitra dia ny naha Tale Jeneralin'ny Fananan-tany azy hatramin'ny taona 2019.

Tamin'ny fandrafetana ny Governemanta Ntsay CHRISTIAN dia anisan'ny olona tsara toerana ho eo amin'ny toeran'ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany ny tenany noho ny traikefa sy fahaiza-manao ananany amin'io sehatra io. Anisan'ny nanolotra azy ihany koa ny Holafitry ny mpiasan'ny Fananan-tany.

Teo no nanomboka ny antsojay natao tamin'Andriamatoa Hasimpirenena.

Taorian'izay dia nirotsaka hofidiana ho Solombavambahoaka tao amin'ny Distrikan'i Fandriana tamin'ny alalan'ny IRD ny tenany.

Tamin'io fotoana io dia efa nilaza ny BIANCO, fa misy raharaha mety hahavoasaringotra azy, ka telo andro taorian'ny nametrahany ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana dia nosamborina izy ary natao "mandat de dépôt" (MD). Natao izany mba hanakanana azy tsy hirotsaka hofidiana.

Ankoatr'izay, efa mpandrindra ny Fikambanana FAFI-V Andriamatoa Hasimpirenena ary efa "Assistant Parlementaire"-n'ny Solombavambahoaka Naivo RAHOLIDINA nandritry ny taom-piasana 2014-2018.

Arak'izany dia antony lehibe amin'izao fihazonana am-ponja an'Andriamatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Fandriana izao ny lafiny ara-politika. Antsojay sy tsindry hazolena iniana atao izany mba hamotehana an'io Solombavambahoaka io.

Antony ara-tekinika:

Ity famarotana ny tany "Saint Antoine" na "Villa Elisabeth" ity dia misy "acte de vente" mazava tsara tamin'ny 24 Janoary 2014 izay nosoniavin'Andriamatoa REBOZA Julien, Minisitry ny Fanajariana ny Tany tamin'izany fotoana izany.

Tsara marihuana, fa ny fepetra amin'ny fifampivarotana tanim-panjakana dia toy izao:

- Ho an'ny tany latsaky ny 50Ha (Ambanivohitra) sy latsaky ny 1 000 m² (Andrenivohitra) dia ny PREFET no manao sonia ny "acte de vente".
 - Ho an'ny tany mihoatra ny 50Ha (Ambanivohitra) sy mihoatra ny 1 000 m² (Andrenivohitra) dia ny MINISITRA no manao sonia ny "acte de vente".
 - Ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany ihany no afaka manao sonia fivarotana tanim-panjakana (domaine privé de l'Etat) ary tsy maintsy mandalo
- Filankevity ny Minisitry ny fivarotana izany raha mihoatra ny 50Ha.

Raha ny zava-nisy dia fanatanterahana ny baikon'ny Minisitry no nataon'Andriamatoa Hasimpirenena izay Tale Jeneralin'ny Fananan-tany tamin'izany fotoana izany.

Efa imbetsaka no nangatahana fahafahana vonjimaika an'Andriamatoa Hasimpirenena saingy nandamoka hatrany izany. Rehefa nanontaniana izay antony ny Minisiteran'ny Fitsarana dia nilaza fa avy ao amin'ny Minisiteran'ny Asa vaventy sy ny Fanajariana ny Tany no misy sakana.

Farany, toe-javatra efa mateti-pitranga loatra ity fanaovana antsojay amin'ny tsy mitovy hevitra ara-politika ity. Ny zava-misy mantsy, tsy Andriamatoa Hasimpirenena ihany no iharan'izany, fa ao koa Andriamatoa Naivo RAHOLIDINA sy ny Fikambanana FAFI-V izay iharan'ny antsojay mivaivay hatramin'izao. Mangataka ny firaisan-kinantsika rehetra, fa raharaha mety hihatra amintsika ihany koa izao any aoriana amin'ny maha raharaha ara-politika azy. Aoka havelantsika ny maha samihafa firehana ara-politika antsika, fa mba hifanavotra amin'ny antsojay mahazo ny namantsika isika.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisam-pitenenana ny mpivory.

Nandritra ny fandraisam-pitenenana dia nilaza ny Solombavambahoaka iray, izay efa nitantana ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany, fa efa ela ary efa hitany tao io antontan-taratasy io ary efa vita "enregistrement". Sanatria tsy ho fiarovana ny Minisitry teo aloha, fa be loatra ny raharaha tsy mazava sy mifamahofao eto amitsika. Koa rehefa vonona hanadio ihany isika dia tokony ny raharaha rehetra hatramin'ny Repoblika Voalohany no hiverenana jerena.

Marihana fa raha lavintsika ny sonian'ny Minisitry teo aloha izay nanao sonia ny taratasy fifampivarotana an'io tanim-panjakana io, midika izany fa fanafoanana ny sonia rehetra nanomboka tamin'ny Repoblika Voalohany. Eto anefa ny fifampivarotana dia ahitana "accord" ny Minisitry ny Fitatanam-bola sy ny Tetibolam-panjaka noho io tany io misy fananam-panjakana, toy ny trano eo amboniny.

Taorian'izany dia nampandraisina fitenenana ihany koa ny Mpisolovava, teo no nampahafantarany ireo Solombavambahoaka, fa tsy nisy mihitsy ny fijerena ny "vice de forme" sy ny "vice de fond"-n'ny "dossier". Tsy kolikoly velively no antony itazonana io Solombavambahoaka io any am-ponja, fa "abus de fonction", izany hoe noho izy nanatanteraka ny "mutation"-n'ny "Villa Saint Antoine" tamin'ny MADA TERRAIN. Raha mangataka tanim-panjakana, hoy ity Mpisolovava ity, ny olona iray dia tsy maintsy manaraka toro-lalana (procédure). Izany hoe manatona ny mpiasan'ny fananan-tany sy ny fandrefesantany izy. Manaraka izany, ireo tomponandraikitra ny fananan-tany ireo no midina mijery sy mandrefy ny tany. Ny tany misy ny "Villa Saint Antoine" dia tsy "terrain domanial" fa "domaine privé de l'Etat".

Ao anatin'ny lalàna laharana faha-2008-014, andininy faha-19 dia milaza mazava tsara ny mikasika ny "domaine privé de l'Etat". Izany hoe, afaka manao taratasy fifampivarotana (acte de vente) tsotra ny fanjakana raha mivarotra tany amin'olona tsotra. Izany no antony nisian'ny taratasy fifampivarotana tsotra izay nosoniavin'Andriamatoa Minisitry teo aloha.

Ny "procédure" anefa mandalo antanan-tohatra sy mila antontan-taratasy maro rehefa mividy tanim-panjakana. Izany hoe, mandalo "Agent", "Chef de service", Tale, Tale Jeneraly izay vao miditra any amin'ny Minisitry. Ny "conservateur" no manatanteraka ny "mutation" rehefa voamarina fa ara-dalàna ny antontan-taratasy. Tamin'ity raharaha ity dia efa vita avy any amin'ny Minisitry ny taratasy rehetra fifampivarotana, izay vao nampididina tao amin'ny Tale Jeneraly nanao ny "transmission" tany amin'ny "conservateur" noho ny fahitany fa feno ny fepetra. Koa tsy misy antony tokony hanenjehana azy amin'izany. Raha ny fanenjehana azy amin'izao dia lalànan'ny "terrain domanial", ny zava-misy anefa dia mahakasika ny "domaine privé de l'Etat".

Afaka manao fampiatoana ny fitazonana vonjimaika an'io solombavambahoaka io any am-poja isika Solombavambahoaka namana raha hitantsika fa tsy rariny ny fitazonana azy any, araka ny fahefana ananantsika ao anatin'ny "Règlement Intérieur", andininy faha-111 izay efa nakantoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC).

Tsy natao hanafaka madiodio an'io Solombavambahoaka io akory izany fampiatoana hataontsika izany, fa anisan'ny "procédure" ihany mba ahafahany mamita ny adidy izay ankinin'ny vahoaka aminy .

Ndeha hiray hina isika Solombavambahoaka mba hisian'ny hery ato amintsika tsy hiverenan'ny toy izao intsony.

FANONTANIANA:

- 1- Inona no mampiavaka ny “mandat de dépôt (MD)” sy ny “Condamné”?
- 2- Inona no “force exécutoire”-n'ny zavatra hotapahaintsika eto amin'ny asam-baomiera sy any amin'ny “séance plénière”?
- 3- Ahoana ny maha “efficace” ny zavatra hataontsika?

VALINY:

- 1- Ny “MD” dia fihazonana am-ponja vonjimaika fotsiny, fa ny “Condamné” kosa dia fitazonana am-ponja araky ny didim-pitsarana.
- 2- Rehefa lanintsika eto sy any amin'ny “séance plénière” ny fampiatoana ny fitazonana azy any am-ponja dia anjaran'ireo Birao Maharitra no manohy ny sisa.
- 3- Ny fisian'izao vaomiera izao no maha “efficace” ny zavatra hataontsika.

Nandray ny fanapahan-kevitra ny vaomiera fa aato ny fitazonana am-ponja sy ny fanenjehana an'Andriatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Eto ampamaranana dia tapaka, fa averina antsoina ny Mpisolovava sy ny Minisiteran'ny Fitsarana hiatrika ny fivoriambe.

Nifarana tamin'ny 12 ora 40 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra antsika rehetra, ny Birao Maharitra ary ny solotenan'ny Governemanta.

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny, namaky ny tatitra.

langaviana ihany ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka, mba hamaky ny “proposition de résolution”. Tsy mbola fantatra ny «cas» mety hitranga momba azy, fa mikasika an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic no efa mazava, ka aleo tsy vakiana io zavatra io. Noho izany, «exposé des motifs» no tsara raha vakiana.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra, Ramatoa Filoha.

“PROPOSITION DE RESOLUTION n°04-2019/PR

Requérant la suspension de la détention et la cessation de poursuite engagées contre Monsieur RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, Député de Madagascar, élu à Fandriana.

EXPOSE DES MOTIFS

Dès son élection, un parlementaire acquiert tous les attributs liés à son mandat législatif et jouit ainsi de toutes les dispositions relatives au statut des parlementaires. Il en est ainsi de l'immunité parlementaire comprenant les principes d'irresponsabilité et d'inviolabilité, principes tendant à protéger le parlementaire de toutes pressions pouvant entraver l'exercice de ses fonctions.

Monsieur RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, Député de son état, jouit ainsi de ces principes et bénéficie d'une protection vis-à-vis des poursuites pénales, hormis le flagrant délit. Le non-rejet de sa candidature, la validation définitive des résultats de ces élections par la Haute Cour Constitutionnelle le consacrant dans son nouveau statut, l'adouble naturellement de son statut de député. Par ailleurs, il apparaît que les faits allégués se sont déroulés durant une période où il était soumis à une subordination hiérarchique. De ce fait, la procédure d'enquête aurait dû être enclenchée d'abord au niveau de son supérieur hiérarchique.

Au vu de ce qui précède, l'Assemblée Nationale requiert dès lors la suspension de la détention et la cessation de poursuite de Monsieur RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, Député élu à Fandriana, dans le respect des principes d'équité et de justice.

Tel est l'objet de la présente Proposition de résolution».

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Mpampakateny, tamin'izay tatitra nataonao izay.

Marihiko fa nisy «proposition de résolution» sy «exposé des motifs» tahak'izay koa ny an'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic, efa azontsika vakiana izany araka ny fanapahan-kevitra nataontsika teo, momba ny fampiatoana ny fanenjehana sy fanesorana ny fitazonana am-ponja azy, araka ny «document» eny am-pelan-tànantsika.

Mahazo mamonjy ny toeranao amin'izay ianao.

- Tehaka -

- 9 -

- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka -

Ramatoa FILOHA

Hiditra amin'ny fandraisam-pitenenana isika izao.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-111, andalana faha-7 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarintsika.

Omena ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny fitenenana voalohany raha toa misy zavatra tiany hambara mikasika ity tolon-pehin-kevitra ity.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Tsy manan-ko lazaina aho, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Omena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana, ry zareo ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger, Lehiben'ny Sampandraharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Toy ny teo aloha ihany, feno ny voalazan'ny tatitra ka tsy manan-kambara mikasika an'izany izahay ato amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana. Noho izany, mihaino sy mijery izay zavatra tapaka eto sisa no ataonay.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny solotenan'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

Omena ny Solombavambahoaka misolotena an'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tao Fandriana ny fitenenana.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA no mandray izany fitenenana izany, noho izy misolotena ny Solombavambahoaka voakasik'ity raharaha ity.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanome fitenenana.

Hofintimpitiniko ny zavatra hoteneniko.

Araka ny efa hitantsika teo fa misy lafiny roa ny antony anenjehana azy; misy ny lafiny ara-politika ao koa ny ara-teknika.

Mikasika ny lafiny ara-teknika no hidirako avy hatrany.

Araka ny lalàna, Ramatoa Filoha, efa Minisitry ny Fitsarana sy ny Fanajariana ny Tany ianao teo aloha ary amin'izao fotoana izao Filohan'ny Antenimierampirenena; tsy hatoro voanjo hadiana mikasika ny resaka lalàna intsony ianao.

Araka ny fanamarinana momba ny fananan-tany, "domaine privé de l'Etat" io toerana "Saint Antoine" io. Misy ny tanim-panjakana azo amidy ary ao koa ny tsy azo amidy. Anisan'ny tanim-panjakana azo amidy ity toerana "Saint Antoine" ity. Mipetraka ny fanontaniana manao hoe: inona no antony nivarotana azy ary iza no nivarotra azy. Tsy mpitsara isika eto, fa ny zavatra nifandraisany tamin'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena no resahako eto. Tsy misy sonian'ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena mihitsy io fifampivarotana io; tsy nandalo teo am-pelan-tànany io "dossier" io satria tsy "terrain domanial".

Raha hazavaina tsotra, ny maha samihafa ny "domaine privé de l'Etat" sy ny "terrain domanial"; ny tanim-panjakana tsotra, mandalo any amin'ny "Plan Régulier" ka mandeha an-tànan-tohatra avy any amin'ny Tale ary mifarana any amin'ny Tale Jeneraly. Mbola misy "sur proposition"-n'ny Tale Jeneraly izany, ka ny Minisitry no manapaka azy farany ary rehefa tonga any, azony soniavina raha toa tsy manana "objection" izy.

Mikasika ny “domaine privé de l’Etat” dia afaka manao fifampivarotana mivantana ny Minisitry araka ny voalazan’ny lalàna, ka rariny raha toa nanao sonia ny Minisitry REBOZA Julien; rehefa vita sonia ity fifampivarotana ity izay “enregistrer” dia nalefa tany amin’ny Tale Jeneraly, avy eo tany amin’ny Tale sy ny “conservateur”. Tsotra ny zavatra nataon’ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena; nanao “soit transmis” izy ary nampidina tany amin’ny “conservateur” ny “dossier”. Fanaovana “abus de fonction” no nanenjarahana azy. Raha adika amin’ny teny Malagasy dia nanao fanaparam-pahefana tamin’ny asa nataony izy. Tsy nanao risorisory izy, fa nanatanteraka ny asany; rehefa lasa io “dossier” io dia notanterahan’ny tompondraikitra hafa. Mampalahelo anefa, Ramatoa Filoha, fa ny olona nanao sonia ity “acte” ity dia nahazo fahafahana vonjimaika; izany hoe miandry ny HCJ izay fantatsika fa tsy mbola mijoro amin’izao fotoana izao.

Raha ny famotorana rehetra natao tamin’Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena dia efa vita avokoa. Nanao ny asany izy; rehefa nojerena izay, tsy nahazo fahafahana vonjimaika izy. Zon’ny olona rehetra ny mangataka fahafahana vonjimaika. Nahatratra valo volana no nitazonana azy tany am-ponja kanefa raha ny lalàna, enim-bolana ihany ary azo havoazina telo volana indroa izany. Amin’izao fotoana izao lany Solombavambahoaka izy ary tsy misy ifandraisany mihitsy amin’ny asa raha ny teknika no jerena.

Mifanohitra amin’izay anefa ny zava-niseho, Ramatoa Filoha sy ianareo Solombavambahoaka namana, raha tsy nandefa io “dossier” io izy dia heverina fa nanao fanaparam-pahefana satria mikasika tanim-panjakana no nanenjarahana azy. Tsy vitan’izay ihany, fa “Saint Antoine” no misoratra amin’io tany io, ka ny eo ambonin’izany tany izany no misy ny “Villa Elisabeth”. Araka ny fanadihadiana nataonay, efa nankatoavin’ny Minisiteran’ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola izany satria “domaine privé de l’Etat”. Ny dikan’izay, nanara-dalàna io “dossier” nalefan’ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena io.

Izay no lafiny ara-teknika.

Heveriko, Ramatoa Filoha, fa karazana antsojay ihany no mbola itazonana azy any am-ponja satria voafidim-bahoaka ara-dalàna izy ary Tale Jeneraly foana nanomboka tamin’ny Tetezamita sy ny fitondrana nifandimby teo aloha. Hita izany fa teknisiana nanana ny fahaizany izy, eny fa tamin’ny fotoana naha Minisitry ny Fitsarana anao Ramatoa Filoha, mbola Tale Jeneraly ny tenany saingy noho ny fanajany lalàna no nampiala azy tamin’izany satria nirotsaka hofidina ho Solombavambahoaka ny tenany.

Hamaranako ny teniko, Ramatoa Filoha, misy ambadika politika ity fanenjarahana ity ary eo ihany koa ny tsy fitiavana azy manokana. Olona mendrika Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, ka izay no nahatonga ny sindikan’ny “Inspecteur de domaine”, na efa tany am-ponja aza izy, mbola nanolotra azy ho Minisitry ny sindikan’izy ireo.

Marihako fa tsy misy idiran’Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA ity zavatra ity. Taorian’izay zavatra izay, namoaka naoty ny Minisitry, fa tsy mahazo mivory intsony ny sindikalin’ny “Inspecteur de domaine”. Izay no mahatonga ahy miteny hoe: misy zavatra hafahafa ao. Tsy misy intsony ny sindikan’ny “Inspecteur de domaine” amin’izao fotoana iresahantsika izao satria efa Tale Jeneraly tao Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena.

Antoko samihafa no nahavoafidy antsika Solombavambahoaka, mety misy alaim-panahy hamingana antsika, ka mamorona karazana “dossier” sy fanaratsiana isankarazany.

Politika mihitsy ity zavatra ity, Ramatoa Filoha, satria tamin’ny Zoma lasa teo no tokony nanatanterahana ny fivoriana; tsy tontosa izany noho ny havitsian’ny Solombavambahoaka. Manana fanamarihana aho, omalin’ny Zoma voalazako teo, tonga tany am-ponja indray ny BIANCO nilaza, fa misy “dossier” vaovao indray ho an’Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, izay tsy misy afa-tsy sonia, toy ny sonia rehetra ataon’ny Tale Jeneraly. Raha izany no zava-misy, angamba tapitra higadra daholo isika rehatra.

Hanome ohatra iray aho, mpanao asa soa ny fikambanana FAFI V sy Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA nandritry ny 12 taona, nangataka tanim-panjakana izahay tamin’izany. Isaorana ianao, Ramatoa Minisitry teo aloha ary Filohan’ny Antenimierampirenena amin’izao fotoana izao, fa rehefa nandalo an-tànan-tohatra ary tonga tany aminao izany dia nivoaka ny “titre”.

Nivoaka tamin’ny “facebook” anefa hoe “terrain”-n’i Soavimasoandro io nangatahako io. Tsy marina izany satria niady azy io izahay saingy lasan’ny Karana io toerana io. Taty aoriana anefa nahazo taratasy izahay fa foanana io “titre” io. Tsy vitan’izay ihany, fa toa lasan’ny FILATEX sy RAJABALI ny tany rehetra eto Antananarivo, fa ny ambiny sisa no mba nangatahanay hanaovana fitaizana zaza kamboty.

Mbola nahazo taratasy hafa ihany koa izahay nanao hoe “rejeter” izay zavatra izay kanefa efa ho 30 taona mahery no teo io tany io ary tsy nisy nampiasa. Ampahafantariko anareo fa “coordonnateur” tao amin’ny FAFI V Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena ary “assistant parlementaire”-ko izy nandritra ny tenako Solombavambahoaka. Amin’izao fotoana izao, lany ho Solombavambahoakan’ny Distrikan’i Fandriana izy na dia tsy nanao fampielezan-kevitra aza. Maro ireo olona matanjaka nifaninana taminy kanefa tsy naharesy azy. Mendrika izy matoa nofidin’ny vahoakan’i Fandriana hisolovava azy anefa nanaovana antsojay.

Lazaiko aminareoa fa raha tsy lany Solombavambahoaka ny tenako, efa niandry ahy koa ny fonja. Nisy mpifaninana tamiko metisy Sinoa izy io, gaga aho raha nahita tamin’ny gazety izay tsy ho lazaiko ny anarany, nisy nilaza fa nikasi-tànana olona hono aho. Notoriana mihitsy aza ny tenako kanefa zavatra tsy nisy akory izany. Lany soa aman-tsara tamin’ny 40% aho ary ny olona nifaninana tamiko izay nitory ahy, nahazo vato 12%. Ny dikan’izay, tsy nisy ratsy nataoko.

Izay no mahatonga ahy milaza aminareo hoe misy antsojay ara-politika mahazo an’Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena.

Koa mangataka sy manentana antsika Solombavambahoaka rehetra namana hanafaka azy amin’izao zavatra mahazo azy izao.

Misoatra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA nisilotena ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena.

Omena fitenenana manaraka ny Mpandahateny miandany na manaiky ny tolo-pehin-kevitra teo.

Ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsirabe I. Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel.

Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Tsy ho lava resaka ny tenako, Ramatoa Filoha, fa fohy dia fohy ny teniko.

Raha ny “cas” misy an’ireo Solombavambahoaka roa ireo no jerena; izany hoe, ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena dia ahitana kajikajy politika ao anatin’ity raharaha ity. Mety hahazo ny tena rahampitso ny zavatra mahazo ireo namana ireo. Ny Lalàmpanorenantska ihany koa mametraka mazava ny fisian’ny “immunité parlementaire”. Koa tsy ho lava resaka ny tenako, Ramatoa Filoha, satria raha jerena, anisan’ny misitraka izany izy mirahalaha ireo, ka tokony hifikitra amin’ny voarakitra ao anaty Lalàmpanorenana isika. Noho izany, mangataka 100% ny hitsaharan’ny fanenjehana azy mirahalaha ireo ny tenanay.

Mankasitraka sy mankatelina, Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpandahateny miandany amin’ny tolo-pehin-kevitra.

Omena fitenenana avy hatrany ny Mpandahateny mitsipaka na tsy mifaaraka amin’ny tolo-pehin-kevitra naroso teo.

Tsy misy.

Tsy nisy nitsipaka tahaka ny teo ihany angamba.

Misy manao satroka azafady; ny teknisiana, ny Mpisolovava dia afaka manazava ny paikady na ny pitsopitson-dalàna mikasika ny “procedure” anenjahana ity Solombavambahoaka ity.

Ramatoa RASOLOHERIARISOA Victorine, Mpisolovava

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

“Maître” Victorine RASOLOHERIARISOA, Mpisolovava miaro an’Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena.

Araka ny novakiana teo dia “Abus de Fonction” no antony anenjehana an’Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena; izany hoe, noho ny fanaovana famindrana ny tany “Saint Antoine”. Tsara homarihana, fa tsy ny tenany no nanao sonia ny taratasy famindrana na “mutation” ny tany “Saint Antoine”. Andraikitra no napetraka taminy ka tsy maintsy notanterahiny rehefa tonga teo aminy ny antotan-taratasy hanaovana “mutation” na ny famindrana izany any amin’ny “conservateur” izay tomponandraikitra mikasika izany. Noho izany, anjaran’izy ireo no mijery ny maha ara-dalàna na ny fahafenoan’ny antontan-taratasy rehetra.

Azo atao ve ny famindrana tany sa tsia. Ny zavatra nataon'Andriamatoa Hasimpirenena tamin'izay fotoana izay dia nanao "soit transmis" tany amin'ny "conservateur" fotsiny satria izay no andraikiny. Efa nazava tsara daholo ny "procedure" nanomboka tamin'ny 14 Martsa 2019 ka hatramin'izao fotoana izao. «Mandat de dépôt» ny tenany; izany hoe, efa 9 na ho 10 volana izy no voatazona vonjimaika any am-ponja.

Mikasika ny «état de dossier» dia efa vita «instruction» na ny «enquête au niveau»-n'ny Mpitsara mpanao famotorana saingy tsy azo akatona ny «enquête». Ny antony, ny nanao sonia ny «acte de vente» tsy azo tsaraina any amin'ny "Pôle Anti-Corruption", fa tsy maintsy ny «Haute Cour de Justice» no manam-pahefana mahefa hitsara azy. Amin' izao fotoana izao anefa, mbola tsy misy ny fanenjehana eo anivon'ny «Haute Cour de Justice» mikasika ity raharaha ity. Raha araka ny tokony ho izy, vonjimaika no itazonana azy kanefa hatramin'izao dia mitarazoka ny fomba fitsarana hany ka voatazona any ny tenany mandrapahatongan'ny fanenjehana any amin'ny «Haute Cour de Justice» izay tompon'ny fanapahan-kevitra amin'ny fitsarana azy.

Adidinareo ato amin'ny Antenimierampirenena no manapaka hoe: hotsaran'ny «Haute Cour de Justice» ve Andriamatoa Minisitry sa tsia. Raha sanatria ka enjehin'ny «Haute Cour de Justice» ny tenany, izay vao afindrany any amin'ny «Haute Cour de Justice» ny «dossier» any amin'ny «Pôle Anti-corruption» izay efa 10 volana no niandry tao.

Raha tsy hotsaraina indray araka ny fahitanareo Antenimierampirenena azy, fa tsy tokony henjehina izy na tsy nahitana porofo nanenjehana azy dia izay vao tsaraina ve sa tsia. Tsy fantatra ny fepetra horaisina satria nanontany izahay hoe: inona no «position» raha ohatra tsy misy fanenjehana any amin'ny «Haute Cour de Justice». Noho ireo antony ireo, hita fa tena mitanila loatra ny fanenjehana azy; tsy fantatra ny antony itazonana azy satria efa vita ny «enquête» na ny famotorana.

Miverina kely amin'ny resaka «immunité» aho satria zon'Andriamatoa Hasimpirenena amin'ny maha Solombavambahoaka azy izany, fa tsy hoe amin'ny anarany manokana ny «immunité» hampiatoana ny fanenjehana azy. Midika izany, fa tsy tokony hiharan'ny fanenjehana ny tenany fa aato mandritra ny fe-potoana iasany satria tombotsoa natokana ho an'ny Solombavambahoaka mba ahafahany manatanteraka ny asany izany. Amin'izao fotoana izao, nandritra ny 10 volana izay, tsy afaka nanatanteraka ny asany amin'ny maha Solombavambahoaka azy ny tenany noho ity fanenjehana ity. Tsy ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ihany no manome an'izay «privilège» ho an'ny Solombavambahoaka, fa ny «Constitution» sy ny «Ordonnance n 2014-001». Ny lalàna sy ny «droit fondamental» no mametraka izany, ka izay no antony mampijoro anay eto.

Ny "poursuite" rehetra "en cours" raha araka ny voalazan'io "Ordonnance" io dia aato mandritra fe-potoana maha Solombavambahoaka azy.

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

- Tehaka -

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Mpisolovava nanome ny fanazavana teo.

Sao misy hametraka fanontaniana mikasika izay "procédure" izay.

Tsy misy.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika raha toa tsy misy manan-kolazaina intsony.

Mikasika ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena no handraisana fanapahan-kevitra.

- 10 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fangatahan'Andriamatoa
RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena -**

Ramatoa FILOHA

Atsangano ny tanaan'izay mandany ny tolo-pehin-kevitra naroso izay voarakitra tao anatin'ny tatitra teo.

- Solombavambahoaka miisa 53 no nanangan-tàna -

Izay nitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy nilaza ny heviny.

- Solombavambahoaka iray no nanangan-tàna -

Ambarako fa lanin'ny maro an'isa ny tolo-pehin-kevitra voarakitra tao anatin'ny tatitra teo araka ny "résolution" izay noraisin'ny Antenimierampirenena.

Vita izay ny fandraisantsika fanapahan-kevitra mikasika ireo tolo-pehin-kevitra voarakitra tao anatin'ny tatitra teo dia ny fanapahan-kevitra nolaniana teto momba ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic, voafidy tao Mahabo sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena, voafidy tany Fandriana, ka halefan'ny Birao Maharitra any amin'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, halefa ihany koa any amin'ny Minisitry ny Fitsarana satria fanapahan-kevitra no noraisintsika teto na "résolution" izany, koa mangataka ny hanatanterahan'ireo tompom-pahefana mahefa an'izany "résolution" izany.

Misaotra antsika rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao.

- 11 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahatsiahy antsika, fa anio amin'ny 3 ora, tolak'andro dia hisy fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba volavolan-dalàna laharana faha-05/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mikasika ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Manentana antsika rehetra ho tonga hanatrika izany fivoriana izany.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 2 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

 **NY FILOHA**



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	01
- Fiantsoana anarana	01
- Teny nataon'Andriamatoa HENRI Jean Michel	01
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	01
- Famakiana ny tatitra	02
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel	02
- Fanazavana nataon-dRamatoa Filoha.....	09
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	09
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn	11
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	11
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger, Lehiben'ny Sampandraharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana	11
- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka	12
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	12
- Teny nataon'Andriamatoa FELICIEN Randrianatenaina	12
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA.....	13
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson	13
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	14
- Teny nataon'Andriamatoa DINAH Romual	14
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	15
- Teny nataon'Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot.....	15
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	15
- Teny nataon'Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery	16
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	16
- Teny nataon'Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	16
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	17
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA.....	17
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	18
- Fanazavana ny fomba arahina amin'ny lalàna.....	18
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOHAVANA Hyacinthe, Mpisolovava.....	18
- Teny nataon-dRamatoaFILOHA.....	20
- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fangatahan'Andriamatoa RAVELOSON Ludovic.....	20
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	20
- Famakiana ny tatitra	21
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson	21
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	25
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson	25
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	26
- Fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka	26
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	26
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson	26
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	27

- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger, Lehiben'ny Sampandraharaha ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana	27
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	27
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA	27
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	29
- Teny nataon'Andriamatoa JEAN FRANCOIS Michel	30
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	30
- Teny nataon'Andriamatoa RASOLOHERIARISOA Victorine, Mpisolovava	30
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	31
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fangatahan'Andriamatoa RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena	32
- Teny nataon-dRamatoa FILOHA	32
- Fiatoan'ny fivoriana	43